# 23 NY FEHEZANTENY MIVADI-DRAFITRA

## TANJONA

- Manavaka ny fehezanteny mivadi-drafitra
- Mamantatra sy mandrafitra fehezanteny mivadi-drafitra
- Mahafolaka ny teknikan'ny fandrasana sy ny rafi-pehezateny mivadi-drafitra ary mampiasa izany
- Manoratra fehezanteny mivadi-drafitra

## LESONA HOTADIDIANA

**Fanamaritana**

Rehafa manoratra fehezanteny mivadi-drafitra dia ny lazaina (L) no soratana mialohan'ny enti-milaza (EM).

| Fehezanteny | Antony | Fitsipika | Ohatra |
|---|---|---|---|
| tso-drafitra | Tiana hasongadina ny enti-milaza (EM) | EM + L | Matory ny zaza. |
| | | | |
| mivadi-drafitra | Tiana hamafisina ny lazaina (L) | L + **dia** + EM | Ny zaza dia matory. |
| | | L+ **no** + EM | Ny zaza no matory. |

**2. Fanamarihana**

- Tsy miova ny hevitry ny fehezanteny tso-drafitra rehefa atao ho mivadi-drafitra izy.

- Azo ovana ho tso-drafitra ny fehezanteny mivadi-drafitra ary azo ovana ho mivadi-drafitra ny fehezanteny tso-drafitra.

## Sahanasa 1

Rasao ireto fehezanteny manaraka ireto.

Fzt 1: Dadatoa Robera no filohan'ny fokontaninay.

Fzt 2: Ny fiteniny dia tsy azoko.

Fzt 3: Ilay hazo eo andrefana no hotapahina.

Fzt 4: Ny asa dia mafy.

Fzt 5: I Zara no nitomany.

## Sahanasa 2

Avereno soratana ireto fehezanteny ireto ka atomboy amin'ny teny ao anaty fonon-teny ny fehezanteny.

Ohatra: Ravan'ny rivo-doza io trano io. (Io trano io)
Io trano io dia ravan'ny rivo-doza.

1. Hijinja izay nafafiny ny tsirairay. (Ny tsirairay)

2. Nangalarin'ny saka ny laokanao. (Ny saka)

3. Nangalarin'ny saka ny laokanao. (Ny laokanao )

4. A: Iza amin'ireo no rahavavivao?
B: Io vehivavy manao solomaso io no rahavaviko. (Rahavaviko)

## Sahanasa 3

1. Ao anaty vondrona, vakio ny lahatsoratra.
2. Tsimpony ka avereno soratana izay fehezanteny mivadi-drafitra.

LAHATSORATRA: TAPITRA NY HAINTANY!

I Bera bitro sy i Rova saka dia mpinamana hatry ny ela. Indray andro, hoy i Bera tamin'i Rova.

« Ndao isika hitsangatsangana any amoron-drano. Reraka aho izany. »

"Ndao ary e!", hoy i Rova. "Sady misy hazo maintso mavana azo ialofana tsara izay any!"

Nony tonga teny amoron-drano …

"Oay! Bera a! Fa toa maina ilay hazo be nidoroboka tery! Ny tany koa dia karakaina!"

"Iza izany mitomany izany? » Hoy i Bera.

"Mmm mmmmm mmmmm", hoy ny hazo. "Haintany anie izao e! Nihena be ny rotsakorana, efa ho taona iray izao. Ny renirano atsy avaratra moa dia ritra mihitsy!"

Nitaraina i Zara omby. "Karakaina ny tany ka tsy misy bozaka maniry hataonay sakafo. Noana izahay! »

"Ao fa horesahinay ny olombelona. Izy ireo no hamboly hazo. Ho avy indray ny orana amin'izay." Hoy i Bera sy i Rova.

Maro ny hazo novolen'ny olombelona. Avy indray ny orana. Niverina tamin'ny laoniny ny rotsakorana ka ampy ny rano. Naniry ny bozaka aman'ahitra. Maintso ery ny tontolo! Voky ry Zara mianakavy. Tsy ritra intsony ny renirano. Faly ery i Rova sy i Bera milomano tao andrenirano na dia avy aza ny orana. Tapitra ihany ny haintany!